


DEREK PRINCE MINISTRIES INTERNATIONAL

Fivoriana fampaherezam-panahy

Hatramin'ny farany

Aoka isika hihazakazaka amim-paharetana amin'ny fihazakazahana.



Manambara ny Tenin'Andriamanitra
Dries Du Plessis Dries and Valerie Du Plessis

Iray amin'ireo lohahevitra tsy miovaova ao amin'ny Hebreo ny loza ateraky ny fiverenana amin'ny asam-pinoana an'i Kristy. Misy andalan-teny dimy miavaka ao amin’ny Hebreo izay mampitandrina antsika ny amin’ny loza ateraky ny fiverenana. Anisan’ny teny manetriketrika indrindra ao amin’ny Soratra Masina ireo. Noho izany, anisan’ny teny fototra iray asongadin’ny Hebreo ny teny hojerentsika: faharetana.

> “Ary mbola, irinay hianareo rehetra samy haneho izany fahazotoana izany mba hahazo ny fahatokiana be ny amin’ny fanantenana hatramin’ny farany mba tsy hiketraka hianareo, fa hanahaka ireo mandova araka ny teny fikasana amin’ny finoana sy ny faharetana.” (Hebreo 6:11–12)

Finoana sy faharetana. Ny olona sasany dia hilaza aminao fa ny finoana no hany ilainao hitakiana ny fampanantenan’Andriamanitra. Tsy marina anefa izany. Mila finoana sy faharetana ianao. Mila izy roa. Nanohy ny mpanoratra ny Hebreo tahaka izao:

> “Koa aza manary ny fahasahianareo izay misy valiny lehibe. Fa tokony hanana faharetana hianareo mba hahazoanareo izay lazain’ny teny fikasana, rehefa vitanareo ny sitrapon’Andriamanitra.” (Hebreo 10:35–36)

Ny teny hoe fahatokiana dia midika fa manana fahalalahana miteny ianao. Afaka miresaka amim-pahasahiana momba an’i Jesosy ianao—momba ny zavatra Nataony ho anao sy izay Hataony ho anao. Efa nanao ny sitrapon’Andriamanitra ianareo, nefa tsy mbola nahazo ny teny fikasana. Inona no ilainao? Faharetana. Mila mihazona ianao hatrany amin’ny teboka nanaovanao ny sitrapon’Andriamanitra ary nitaky ny fampanantenana hatrany amin’ny teboka tena handraisanao ny fampanantenana. Ny olona sasany dia manao ny sitrapon’Andriamanitra ary mitaky ny teny fikasana, saingy tsy maharitra izy ireo. Avy eo, milaza izy ireo fa tsy

© 2008 - Dries Du Plessis

nahomby izany. Tsy hahomby anefa ny asa raha tsy misy faharetana. Mila finoana sy faharetana ianao.

Misaotra Anao, Tompo ô, ny amin’ny fanampiana ahy “hiezaka”. Manambara aho fa maharitra hatramin’ny farany amin’ny finoana, fijoroana hanao ny sitrapon’Andriamanitra sy fitakiana ny fampanantenana. Hihazakazaka ny fihazakazahana amin'ny faharetana aho, amin’ny anaran’i Jesosy Kristy, Amena.

Fivoriana fampaherezam-panahy ★

Fandikana: WD-B097-343-MLG

Nohavaozina farany: 31 Oct 2026

Tranokala: Derekprince.com/mg/resources

